Rasanda Serge

15E MARATHON INTERNATIONAL DE TANA

# Renioney tokana no efa azo antoka ho avy, mety hiampy Kenianina roa

Ity andiany ity no mety ho marathon iraisampirenena hany tsy hisy mpandray anjara kalaza avy any Afrika. Ny sabotsy izao no hamantarana raha ho tonga ihany na tsia ireo mpihazakazaka roa avy any Kenya. Roa andro sisa. Tsy mbola voafaritra aloha hatreto ireo handray anjara amin'ny Marathon International de Tana andiany fah-15 izay hatao ny alahady 11 oktobra izao ary karakarain'ny Federasiona Malagasin'ny Atletisma sy ny World Trade Center. Mbola misokatra hatramin'ny sabotsy izao mantsy ny fisoratana anarana eny amin'ny foiben'ny Federasiona eny Ankorondrano sy eny amin'ny Vima Village des jeux Ankorondrano ary eny amin'ny Ofisim-paritry ny Fizahantanin'Analamanga eny amin'ny zaridainan'Antaninarenina. Karazam-pifaninanana efatra no voalahatra amin'io dia ny marathon (42,195km), ny "Foulees Ecolo" (10km), ny Handi-run (10km) ary ny Maratoons (1,5km). Eo amin'ny manoloana ny lapan'ny tanàna avokoa no hisy ny fiaingana. Renioney tokana, Francois Lebon, izay efa nandray anjara teto tamin'ny semi-marathon ary efa nahazo ny medaly volamenan'ny Lalaon'ny nosy 2011 tany Seisela. Mampiahiahy kosa ny hisiany na tsia amin'ireo mpihazakazaka afrikanina. Efa misy ihany Kenianina roa tokony ho avy ary eo ampikarakarana ny fahatongavany eto. Ny sabotsy izao izy ireo no ho tonga raha milamina tsara ny sidina handehanany.

GOAVANA NY LOKA

Notsiahivin'ny mpikarakara omaly fa mahatratra 1 500 000 ariary ny loka homena ny lah-1 lahy sy vavy, 1 tapitrisa ho an'ireo fah-2 ary 600 000 ariary ho an'ny fah-3. Ankoatra izay dia mbola hotoloran'ny Huawei mpanohana finday raitra ireo tompondaka lahy sy vavy avy. Mikasika ny marathon manokana dia hisy sokajy "senior" sy "veteran" ho an'ireo mihoatra ny 35 taona. Hitovy kosa ny lokan'ireo mendrika amin'ny "Foulee" ho an'ny atleta manana kara-pilalaovana sy ny "Handi-run" samy hahazo 150 000 ariary ny lah-1, 100 000 ariary ho an'ny fah-2 ary 60 000 ariary ny fah-3. Latsaka kely kosa ho an'ireo tsy manana kara-pilalaovana satria 100 000 ariary ny lah-1, 75 000 ariary ny fah-2 ary 50 000 ariary ny fah-3. Nanambara ny mpikarakara fa hohamafisina ny fandrindrana ny fifamoivoizana. Marihina fa ny 20%-n'ny tombony azo amin'ity hetsika ity dia hatolotra ny Akamasoa izay efa mpiaramiasa amin'ny Vima nandritra ny taona maro. Toy ny andiany teo aloha dia hisy "Village Marathon" hatrany manoloana ny lapan'ny tanàna Analakely ny sabotsy sy alahady. Hisy ihany koa ireo fanentanana samihafa toy ny zumba, zumba kids, fampisehoana sy mazia.



Ireo mpikarakara omaly tetsy amin'ny lapan'ny tanàna Analakely